www.mitempo-iray.org

TOROLALANA HO AMIN'NY FITOMBOANA AO AMIN'I KRISTY JESOSY

Ny fitomboana ao amin'i Kristy dia tsy fitomboana amin'ny fahalalana an'i Jesosy Kristy fotsiny ihany fa tena fiainana mihitsy.

Noho izany, ny hevitry ny hoe « *mitombo ao amin'i Kristy Jesosy* » izany dia ny Tenin'Andriamanitra no mitombo sy mahazo vahana betsaka eo amin'ny fiainana manontolo na ara-tsaina, na ara-batana, na ara-panahy.

Izany dia voalazan'ny Soratra Masina ao amin'ny Jaona 3:30 « *Izy tsy maintsy mitombo, fa izaho kosa tsy maintsy mihena* ».

Ny fitomboan'i Kristy ao anatitsika dia manafoana tsikelikely ilay mahaisika antsika ka maneho ny fiainan'i Kristy ho hita taratra eo amin'ny fiainantsika.

www.mitempo-iray.org

Galatiana 2 : 20 « *Voahombo miaraka amin' i Kristy amin' ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin' ny nofo dia ivelomako amin' ny finoana ny Zanak' Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy.* »

2 Korintiana 4 :16 « *Ary tsy ketraka izahay; fa na dia mihalevona aza ny toetray ivelany, dia havaozina isan-andro isan-andro kosa ny toetray anatiny.* »

Ny Baiboly dia hahitana taratra mazava tsara ireo dingana ho amin'izany fitomboana ara-panahy izany. Ka ny tanjona kendrena dia ny hahatongavantsika amin'ny fahatanterahana

Hebreo 6:1 « *Koa aoka hilaozantsika ny abidim-pianarana ny amin'i Kristy, fa aoka handroso ho amin'ny tanteraka isika ka tsy hanao fanorenana indray, dia fibebahana hahafahana amin'ny asa maty sy finoana an'Andriamanitra.* »

Filipiana 3 :15 « *Koa aoka isika rehetra izay tanteraka hihevitra izany; fa hasehon'Andriamanitra aminareo izany, raha sendra manana sain-kafa hianareo.* »

Ety an-tany no anaovantsika sy androsoantsika amin'ireo dingana ireo fa tsy any an-danitra.

Ny fahalebiazana ara-panahy dia dingan'ny fahatanterahana. Ny mpino tonga amin'ny fahalebiazana no antsoina hoe "*lehilahy sy vehivavy lehibe*" ka mandray ny anjaran-toerany amin'ny maha ratsam-batan'i Kristy azy.

Efesiana 4 :14-16 "Mba tsy ho zaza intsony isika, ka ahilangilana sy ampitambolimboleni'ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra amin'ny saim-petsy ataon'ny olona sy ny fihendreny hahatanteraka ny hevitry ny famitahana; fa mba hanaraka ny marina amin'ny fitiavana ka hitombo amin'ny zavatra rehetra ho amin'Izay Loha, dia Kristy; Izy no itomboan'ny tena rehetra (izay akambana sy ampiraisina tsara) noho ny fifanompoan'ny isan-tonony, araka ny fisian'izay rehetra momba azy amin'izay mety ho anjara-asany avy ka hampandrosoany ny tenany amin'ny fitiavana."

Manana ny anjara fanomezam-pahasoavana ireo Zanak'Andriamanitra tonga eo amin'ny dingan'ny fahalebiazana ka ho entiny mampandroso ny tenan'i Kristy izany dia ny fiangonana na fiombonan'ny mpino nateraka indray, na aiza na aiza fiangonana misy azy.

Araka ny 1 korintiana.12: 4-6 "Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany.Ary zarazaraina ho samy hafa n y asa, nefa Andriamanitra dia iray ihany, Izay miasa ny zavatra rehetra amin'ny olona rehetra."

Ny fandraisana ny fanomezam-pahasoavana dia tsy tanjona akory fa dingana hirosoana hatrany ho amin'ny tena fahatanterahana, ho fampandrosoana ny asan'Andriamanitra.

Ny mpino tsirairay avy, na iza izy na iza, dia nantsoin'Andriamanitra ho amin'izany fahalebiazana izany. Noho izany dia tian'Andriamanitra hitovy, tsy misy ambony na ambany fa mitovy voninahitra sy haja avokoa eo anatrehany.

Ny tanjon'ny devoly dia ny tsy hitomboan'ny Kristiana ara-panahy, ka mahatonga ny kristiana hiantehitra hatrany amin'izay noheveriny fa manam-pinoana matanjaka.

Koa ataony izay tsy hahafantaran'ireo Kristiana fa ny Tompo dia efa nanome ho an'ny mino rehetra ny fanomezam-pahasoavana hahazoan'izy ireo miatrika ny ady rehetra.

Tsy hiankina mandavan-taona amin'izay ray amandreny ara-panahy mpitaiza fa mba ho tonga kristiana mahaleo-tena sy matanjaka ara-panahy na dia sendra mandeha irery aza.

Ny fampianarana rehetra eto amin'ity tranok'ala ity dia hanampy sy hitaiza anao,

Voalohany, ho tonga amin'izany fahalebiazana izany, ka ahafahanao mametraka fanontaniana ny amin'ny tenanao na mitombo ianao na tsia.

Faharoa, dia ny hahamafy orina ny fiainana maha kristiana anao, miorina eo ambonin'ny Soratra Masina.

Fahatelo, ny hananao fiadiana, ho entina miatrika ny ady rehetra, mandra-pialanao ety an-tany, sy mba hahafantaranao ny antom-pahavelomanao ary ny haharetanao amin'izany tena fiainana kristiana izany.

Ny Fanahy Masina anie hanampy sy hitari-dàlana anao.

Ny Mpiandraikitra : Jonhs RAMAHERISON
herinezi@mitempo-iray.org

www.mitempo-iray.org